

# LALA ROA

(Tohin<sup>y</sup> sad<sup>y</sup> faran<sup>y</sup>)

## II

Efa nahadia ny fahatelon-dalana ny alina, ka maizina aok' izany ny zavaboahary. Ny fahanginana anefa dia manana feo mahazendana sy hira mandrotsirotsy : ny riana amin' ny feony mitsitapitapy, ny ony amin' ny simonomonony mitomandavana.

Teo ampovoan' ny lanitra manga misy rahona fotsy mitambahovaho, io ny volantsinana miendri-tandroka ivoara, tazana toa mandry ilika ery an-tendron' ala.

Tampoka, hoatry ny taitra tamin' ny nofiny izy, ka somary nihilana kely, dia nandefa ny taratra volafotsiny teo ambany, eo amin' volory maitso sy malalaky ny lohasaha, toa novelarina hiketrahan' ny alina.

Teo amin' ny lalankely miafara eo amin' ny trano lehibe iray, iny misy ve-hivavy mandeha manao dia maika, na dia'efa vizana mihitsy aza no fijery azy.

Niato matetika izy, hoatry ny te-hihaino zavatra ; izao anefa no reny : piano arahim-bava ao an-trano.

Vetivety foana, tonga teo anoloan' ny trano izy, ary rahefa avy naka aina kely, dia namoha moramora ny varavarana, izay nakatony malemy dia malemy tao ivohony.

Niditra tao amin' ny efitra iray izy : nampirehitra lalampy, dia nametraka ny valiziny teo amin' ny sez azy.

— « Iza izao ambony miaraka *aminu* izao ? » hoy izy, niteny irery.

Reraka fatratra Ravehivavy, ary tokony handry mihitsy raha nohenoiny ny hasasarany ; saingy nisy baiko mahery, avy